
# Safidy ho an'ny mandrakizay, Tapany 3



Fantaro ny fahamarinana mifandray amin'ny fiovam-ponareo. Ny marina dia tsy maintsy mandray andraikitra manokana ianareo mba hahazoanareo ny fiovam-ponareo. Tsy misy olon-kafa afaka manao izany eo amin'ny toeranareo.

Ankehitriny, mamelà ahy hanasa anareo handinika fanontaniana vitsivitsy? Te hahatsapa fiadanana mahakasika ireo olana mampahory anao ankehitriny ve ianao? Te hahafantatra tsara kokoa an'i Jesoa Kristy ve ianao? Te hianatra ny fomba ahafahan'ny heriny masina manasitrana ny ratranao sy ny fahalemenao ve ianao? Te hiaina ilay hery mamy sy mampitony avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy miasa eo amin'ny fiainanao ve ianao?

Mitaky ezaka, izay ezaka mafy ny fikatsahana ny hamaly an'ireo fanontaniana ireo. Miangavy anareo aho mba handray an-tanana ny fanananareo fijoroana ho vavolombelona. Miasà ho an'izany. Mandraisa andraikitra mahakasika izany. Karakarao izany. Kolokoloy izany mba hitomboany. Fahano fahamarinana izany. Aza mandoto izany amin'ny filôzôfia sandoka ataon'ny lehilahy sy vehivavy tsy mino ary avy eo manontany tena hoe nahoana no mihalefy ny fijoroana ho vavolombelona ao anatinareo.

Manaova vavaka isan'andro, amin-kafanam-po, ary amim-panetrentena. Fahano amin'ny tenin'ireo mpaminany fahiny sy maoderina ny fanahinareo. Angataho ny Tompo mba hampianatra anareo ny fomba hihainoana Azy tsara kokoa. Mandania fotoana bebe kokoa any amin'ny tempoly sy amin'ny asa momba ny tantaram-pianakaviana.

Rehefa manao ny fijoroana ho vavolombelona anananareo ho laharam-pahamehana ambony indrindra ianareo dia andrandrao ireo fahagagana hitranga eo amin'ny fiainanareo.

Raha manana fanontaniana ianareo, ary manantena aho fa manana ianareo, dia mitadiava valiny miaraka amin'ny faniriana mafy ny hino. Ianaro izay rehetra azonareo hianarana momba ny filazantsara ary makà antoka fa ianareo dia hitodika any amin'ireo loharano feno fahamarinana mba hahazoana fitarihana. Isika dia miaina ao anatin'ny fotoampitantanana izay "tsy hisy na inona na inona hotanana" [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:28]. Noho izany, rehefa mandeha ny fotoana, dia hamaly ny fanontaniantsika rehetra ny Tompo.

Mandra-pahatongan'izany dia arobohy ao anatin'ilay fitahirizana fanambarana sarobidy ananantsika eo am-pelatanantsika ny tenanareo. Mampanantena aho fa ny fanaovana izany dia hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananareo, na dia mbola tsy voavaly aza ny sasany amin'ireo fanontanianareo. Ny fanontanianareo amin-kitsimpo, apetraka amim-pinoana, dia hitarika *hatrany* amin'ny finoana lehibe kokoa sy fahalalana betsaka kokoa. . . .

Rehefa mandray andraikitra momba ny fijoroana ho vavolombelona anananao ianao ary mampitombo izany, dia ho lasa fitaovana mahery vaika kokoa eo am-pelatanan'ny Tompo ianao. "[Ho]entanin'ny foto-kevitra tsaratsara kokoa," [Alma 43:45] ianareo, dia ny asan'i Jesoa Kristy!

Tsy misy zava-mitranga manan-danja kokoa eto amin'ity tany ity mihoatra noho ny fanangonana an'i Israely *ho Azy*. Ampahafantaro ny Rainareo any An-danitra fa te hanampy ianareo. Angataho Izy haniraka anao hiasa amin'izany asa be voninahitra izany. Aorian'izany dia mihataha kely ary ho talanjona ianao ny amin'ny zavatra mitranga rehefa mamela an' Andriamanitra hanjaka eo amin'ny fiainanao ianao.

Ry namako malala, tiako ianareo. Misaotra anareo aho. Matoky anareo aho. Amin'ny maha-mpaminanin'ny Tompo ahy dia mitsodrano anareo aho mba hahafantatra ny marina momba ny maha-ianareo anareo sy hankamamy ilay fahamarinana momba ny hoe inona marina ilay hery anaty feno voninahitra anananareo. Mitsodrano anareo aho mba handray an-tanana ny fijoroana ho vavolombelona [anananareo]. Ary mitsodrano anareo aho mba hanana faniriana sy hery hitandrina ny fanekempihavananareo ianareo.

Rehefa manao izany ianareo dia mampanantena aho fa hiaina fivoarana ara-panahy, fahafahana amin'ny tahotra, ary fahatokian-tena izay zara raha azonareo alaina sary an-tsaina amin'izao fotoana izao ianareo. Hanana ny hery hitarihana amin'ny tsara mihoatra lavitra noho ny fahaizanareo ara-boajanahary ianareo. Ary mampanantena aho fa ny hoavinareo dia hahafaly kokoa noho izay rehetra azonareo inoana ankehitriny. (Russell M. Nelson, "Safidy ho an'ny mandrakizay" [fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 15 mey 2022], broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_544_handout-3